## ANJOMA RAMARITINA
4

# TAFAVERINA NY OMBY DIMY DAHALO TELO NARATRA MAFY

## MARINA IZANY !
7

# POIZINA MISOKO MIADANA !

## IZY NO IZY
3

### Mc LAFATRA

# TIA MIFANAMPY, SAROTINY AMIN'NY FOMBA TENA MALAGASY




Gazetiko
www.gazetiko.mg

Laharana 7499 Taona faha-24 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Zoma 17 febroary 2023


## ATLETA HIOFANA ANY CHINE
2



# NANAINGA OMALY NY ANDIANY VOALOHANY

## ZEZIKA 500 TAONINA
8

# HOZARAINA AMIN'NY FIANAKAVIANA 225 000 ANY AMIN'NY FARITRA 11

## MIARA-MANONJA
7



# HAMPIVONDRONA IREO MPANOHITRA AMIN'NY ALALAN'NY FAMBOLEN-KAZO

## MORARANO CHROME
7



# NANOME LANJA MANOKANA IREO MPAMBOLY NY FILOHA ANDRY RAJOELINA

Apetraho amin'i mahaleo ny fanontanianareo

À VOUS LA PAROLE

Ny tapakila dia ho hitanareo eo amin'ny pejy > 2




Atleta hiofana any Sina

# Nanainga omaly ny andiany voalohany

*Ny taranja badminton sy tennis de table kosa no andiany faharoa hanainga anio.*

Nanainga omaly tetsy amin'ny seranam-piaramanidina Ivato, ny delegasiona andiany voalohany, hiatrika fiofanana mandritra ny efa-bolana any Sina. Misy 32 mianadahy mianaka izy ireo, izay avy amin'ny taranja atletisma(15 atleta miampy mpanazatra 1) sy ny taranja fibatana fonjamby (14 atleta miampy mpanazatra 1), ary solontena iray avy amin'ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena. Tonga teny an-toerana nanatitra azy ireo ny Tale Jeneralin'ny Fanatanjahantena, Rakotozafy Rosa, izay nanambara fa tsy ho an'ny Lalaon'ny Nosy ihany no ilaina izao fanomanantena izao fa hiatrehana ireo lalao iraisam-pirenena handraisantsika anjara, na atao eto na any ivelany. « Iaraha-miasa amin'ny governemanta sinoa izao », hoy Ramatoa DGS, ary ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena dia eo anilan'ny mpanao spaoro mandrakariva. Hizara roa ny tanàna hampiantrano ireto atleta ireto any Sina, ka iny andiany voalohany iny dia hipetraka any Sichouan. Raisin'ny fitondram-panjakana sinoa an-tanana tanteraka ny fivahinianan' ireto delegasiona ireto mandritra ny efa-bolana hizoran'ny fiofanana. Ankoatra izay, hanome manampahaizana manokana izy ireo, hizara ny traikefa amin'ireto atleta ireto. Eo koa ny fanarahamaso ny fahasalaman'ny ankizy. Amin'ny fiafaran'ny fiofanana dia hahazo fampitaovana, homen'ny fitondram-panjakana sinoa azy ireto. Nohamafisin-dramatoa DGS fa mbola misy delegasiona hafa hiofana any ivelany, toy ny eo amin'ny fibatana fonjamby, izay ho any Tonizia. Ny eo amin'ny taranja atletisma dia mbola hisy handeha any Dakar Senegal, ny taranja lomano hiofana any Thailande, ary efa an-dalana mijery ny firenena handefasana ny basket sy ny tennis ny Minisitera, hoy hatrany Rakotozafy Rosa. Tsy latsa-danja amin' izany koa ny eto an-toerana, hoy izy, izay nohamafisiny fa iaraha-miasa amin'ny federasiona avokoa izany, ary mifandray tanteraka izahay roa tonta. Noho ny fihazakazahan'ny fandrosoana, no nahatonga ny fisian'ny atleta, mpanazatra, dokotera, kyné ary ny eo anivon'ny MJS, nalefa hiatrika ity fiofanana any Sina ity. Tsy nametraka fepetra kosa ry zareo Sinoa fa namela malalaka antsika nifantina ireo nandrafitra ny delegasiona, ka ny federasiona sy ny teknisiana teo anivony no nisafidy, fa nanamarina fotsiny ny amin'ny maha tena izy azy ireny no nataon'ny MJS. Nambarany fa ny ankamaroan'ireo nahazo medaly volamena tany amin'ny Lalaon'ny Nosy farany no tazana tao anatin' ny delegasiona, miampy ireo nahazo ny laharana faharoa sy fahatelo. Nanamafy ny fisian'ny fiaraha-miasa teo amin'ny firenena roa tonta ka nahafahana nanao izao tetikasa izao, Ingahy Huo Wei, mpanolotsaina eo anivon'ny ambasadin'i Sina, tonga teny Ivato, izay nirary soa ireto delegasiona ireto.

**Rabenaivo**




**Ireo atleta andiany voalohany, miaraka amin'ny solontenan'ny MJS sy ny fitondram-panjakana sinoa, tetsy Ivato omaly.**

Kitra - " Coupe du Monde des Clubs "

# Nanjakan'ny klioban'ny Real de Madrid



**Anjakany tanteraka ny baolina kitra eran-tany !**

Tao anatin'ny 14 taona nanantanterahan'ny FIFA ny fiadiana ny tompondaka eran-tany tamin'ny baolina kitra ho an'ny klioba, dia ny ekipan'ny Real de Madrid avy any Espagne no tena nandrombaka ny amboara betsaka indrindra, satria efa mahatratra dimy no azony. Ankoatra ny lasany farany teo (2022), izay nandreseny 5 no ho 3 ny Al Hilal-n'i Arabie Saoudite teo amin'ny lalao famaranana, dia efa eo ampelatanany ny amboara tamin'ny taona 2014 – 2016 – 2017 – 2018. Manaraka azy ny rahalahiny ao amin'ny FC Barcelone, izay efa nibata intelo ny amboara tamin'ny taona 2009 – 2011 – 2015. Mitana ny laharana fahatelo manaraka an'ireo klioba espaniola ireo ny FC Bayern de Munich avy any Allemagne, nahazo ny amboara tamin'ny taona 2013 sy ny 2020. Ekipa valo kosa no efa nisalotra indray mandeha avy ny amboara eran-tany, dia ny Sao Paulo (2006 / Bresil) – SC Intenational Porto (2006 / Bresil) – SC Corinthians Paulista (2012 / Bresil) - AC Milan (2007 / Italia) - Inter Milan (2010 / Italia) - Manchester United FC (2008 / Angleterre) – Liverpool FC (2019 / Angleterre) – Chelsea FC (2021 / Angleterre).

**a.r**

Kitra - CHAN 2022

# Nahazo 150 tap Ar ny Barea de Madagascar

Ho fankasitrahana ny zava-bitany tamin'ny CHAN 2022, dia natolotry ny federasionina ny mpilalao sy ny tekinisianin'ny Barea de Madagascar, omaly, ny vola 150 000 000 Ariary, izay efa nampanantenainy azy ireo. Marihina fa tetibolan'ny federasionina manokana izao notanterahina izao ny fanomezana azy fa ny anjaran'ny "Confédération Africaine de Foot-ball" dia mbola tsy mirotsaka eo am-pelatanan'ny FMF. Maromaro ihany, hoy ny tsy mahay manisa, ny vola ho raisin'ny mpikamban'ny Barea de Madagascar avy any amin'ny CAF.

**aris rafaly**

"Mondial FIBA 3x3"

# Vonona ny Ankoay !

Ao anatin'ny fanomanana tanteraka ny fiadiana ny tompondaka eran-tany amin'ny basket-ball lalaovin'ny olona telo ny mpikambana ao anatin'ny ekipampirenentsika amin'izao fotoana izao. Araka ny fanamarihana nataon'ny mpanazatra Randrianarivelo Jean de Dieu "Deda", dia vonona tanteraka hiatrika an'ity fifaninanana maneran-tany ity ny Ankoay-ny, ahitana an'i Fihary sy Arnol ary Livio (kap) sy Elly. Ampahatsiahivina fa amin'ny 30 mey ka hatramin'ny 5 jona 2023 ny fiadiana ny tompondaka eran-tany FIBA 3x3 any Vienne renivohitr'i Autriche. Hisolo tena ny kaontinantan'i Afrika izy efatra mirahalahy ireo, noho ny maha tompondaka azy tamin'ny taona 2022, izay notanterahina tany Le Caïre (Egypte) tamin'ny 3 sy 4 desambra 2022.

**aris rafaly**





À VOUS LA PAROLE

APETRAHO NY FANONTANIANAO AMIN'NY TARIKA

mahaleo

Izy ireo no vahiny manaraka amin'ity karazan-dahatsoratra manaraka ity



Anarana

Asa

Fanontaniana 1)

Fanontaniana 2)

*Hetezana ao anaty gazety ny tapakila ary haterina aty amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano, Lalana Ravoninahitriniarivo, BP1414, Antananarivo 101, mialoha ny 23 febroary 2023*

midimadagasikara

# Izy no izy

Mc Lafatra

## Tia mifanampy, sarotiny amin'ny fanajana ny fomba tena malagasy

*Nampiana-tena, nifaneraserana tamin'ny fikambanana maro sy olobe hanovozana fahalalana sy traikefa teo amin'ny fikabariana. Mbola mandalina sy mianatra ankehitriny mba hiavahana amin'ny hafa. Nanangana orinasa mpikarakara lanonana hiarahany miasa amin'ny olon-kafa hanampiany azy ireo.*

Manana maripahaizana « licence en sociologie et marketing » i Mc Lafatra, saingy nisafidy ny hiasa tena ary nisafidy ny ho mpikabary, sy mpanentana ary toniandanonana (Maître de cérémonie). Mipetraka eto Antananarivo izy ary manambady aman-jakana. Mpiondana fomba malagasy amin'ny lafiny rehetra Ralafatra ary nilaza izy fa tsy mahita lafy ratsiny amin'ny fomba malagasy mihitsy na kely aza. Fanaratsiana sy fanandevozan-tsaina no tena betsaka. Na izany aza dia notsindriany mafy fa Malagasy mandroso izy fa mijanona ho mpandala ny fomba malagasy. Talenta efa tao anatiny ny kabary fa na izany aza dia nampianatena ihany izy ka ny fifaneraserana tamin'ny fikambanana maro sy olobe sy ray aman-dreny ela niainana dia tena nahafantarany zavatra maro sy nahazoany traikefa. Nanampy azy ihany koa ny fahitany ny zava-misy eny anivon'ny fiaraha-monina, ny namana, ny iray tampo. Ka raha fintinina dia azo lazaina hoe sekoly tsy misy



**Mc Lafatra, mpikabary mpanentana sy tonian-danonana.**

rindrina no nanovozany ny fahalalana eo amin'ny kabary sy ny fanetanana ary tonian-danonana. 13 taona teo amin'io sehatra io i Mc Lafatra ary mbola mandalina sy mitady zavatra mihoatra noho ny an'ny hafa ihany izy amin'izao fotoana izao mba hanomezana fahafaham-po ny olona.

**Manampy ny manodidina**

Ka ankoatra ny fikabariana dia mpikarakara lanonana ihany koa izy ary mpampianatra mandihy (danse de couple, danse d'animation) sy mampiofana momba ny fanentanana sy toniandanonana ihany koa. Ankehitriny dia nanagana orinasa kely momba io asa fanetanana io, sy toniandanonana amin'ny sehatra maro, toy ny lanonampanjakana sy lanonana manan-kaja samihafa ary famalifaliana amin'ny andron'ny fampakarambady. Io no anjara birikiny entiny manampy ny manodidina azy, satria afaka namorona asa ho an'ny fianakaviana sy ireo hitany fa sahirana izy. Indraindray dia aleony izy no tsy mihinana toy izay ireo mpiaramiasa aminy. Tsy latsaky ny roapolo (20) amin'izao fotoana izao no miara-miasa aminy amin'ny fanatanterahana lanonana iray.

**Hajao ny teny nomena**

Anisan'ny mahasarotiny an'i Mc Lafatra kosa ny olona tsy mba mitazona ny teny nomena. Zavatra roa manimba ny fihavanana izy io raha ny fanazavany: teny tsy voahevitra ary fihetsika tsy voahevitra. Ary io tsy fanajana ny teny nomena io rehefa rava indray mandeha dia tsy misy hevitra intsony fa ny fihatsarambelatsihy sisa no avelany. Ho an'ny olona sasany anefa, tsy mampiraika sy tsy mahasarotiny ny azy izany fivadiham-pitokisana izany. Heveriny ho mety ny tsy mitazona ny teny nomena ka lasa miteraka fitiavan-tena diso tafahoatra.

**Hafatra**

*"Rehefa manao zavatra dia aza mitsapatsapa na manandrankandrana fa rehefa manao dia tena manao. Aza mijanona sy kivy fa na ho ela na ho haingana tsy maintsy ho azon'izay mandeha tsy mijanona ny fahombiazana. Aza tia zavatra maimaipoana amin'ny fiainana, fa ny zavatra maimaipoana mazàna tsy mampahomby. Vidiana lafo ny fahombiazana ary tsy mamoaka loha vao mampiditra."*

Nangonin' i Tiaray Rakoto

Fou Hehy sy Etsetra - CCEsca

## "Hiresaka fiainana fa tsy hanao resaka vetaveta izahay"

« Amour'Rire, Saint Valentin ». Io no lohatenin' ny fiakarana an-tsehatra hotanterahan'i Fou Hehy sy Etsetra Etsetra etsy amin'ny efitrano malalaky ny CCEsca Antanimena. Hanomboka amin'ny 2 ora sy sasany tolakandro izy io, ka nambaran'i Aldini, nandritra ny resaka nifanaovana taminy fa « *hiresaka fiainana andavanandro nefa mampihomehy izahay efatra mirahalahy fa tsy hisy resaka vetaveta na teny ratsy mihitsy.* » Haharitra adiny 3 eo ho eo ny fampisehoana, izay voalaza fa hiarahan'izy efa-dahy (Eric sy Honorat, Aldini sy Riri). « *Izahay efatra mirahalahy no niaranoratra sy miaraka manatontosa azy hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany. Iray volana teo ho eo izao no laninay nanomanana azy io ary mbola miezaka manatsara hatramin'izao* », hoy ihany izy. Hiresaka fitiavana ry zalahy, hiresaka fiainana andavanandro, hiresaka politika, hiresaka fivavahana. Haka tahaka endrik'olona maro samihafa izy ireo ao anatin'izany. « *Ohatra ny karazan-teatra mampihomehy no hanoloranay azy* », hoy ny fanazavana. Misy ireo tantara kely efa fanaon'izy ireo ihany fa natambatra ny an'ny andaniny sy ny ankilany, izay mety mifampitohy. Hisy fizarana roa miavaka tsara ny seho raha ny fanazavana, nefa ao anatin 'izay dia hisy hatrany ny fisoloana akanjo arakaraka ny endrika sy fomba fitafin'izay olona alainy tahaka.



**Hiray sehatra hatramin'ny voalohany ka hatramin'ny farany ry zalahy.**

Fy

### HOTSAKOTSAKOINA

"Matoa ny tsiambaratelo miboraka dia nisy iray nanankinana resaka tsy anombinana nanao azy ho mahoraka."

**Ny Vetso (02.02.14)**

("Toute révélation d'un secret est la faute de celui qui l'a confié." La Bruyère)

Olo Blaky, Drwina, Mashmanjaka ary Lova Mpagnesa

## Hanolotra ny "ilay seho" etsy amin'ny AFT Andavamamba

Andro vitsy lasa izay, notokanan'ny Lamba 1 ny "Labopirate", toerana natokana ho an'ny mpanakanto, mba hamelomana sy hitadiavan'izy ireo aingam-panahy amin'ny sehatra ara-javakanto maro. Mahazo sehatra amin'izany avokoa na ireo mpanao sary hosodoko, sary sokitra, saripika, horonan-tsary ary mozika. I Olo Blaky, Drwina, Mashmanjaka ary Lova Mpagnesa no nahazo tombony voalohany tamin'ity tetikasa ity ka ny asabotsy izao etsy amin'ny "Alliance Française" Andavamaba (AFT)dia hanolotra hetsika iray antsoina hoe "Ilay seho" izy ireo hanehoan'izy ireo ny famoronana vitany sy ny talentany. Ity kaonseritra ity ihany koa dia ho fotoana hahafahan'ny Lamba 1 sy ireo mpanakanto mpikambana hitadiavam-bola hamatsiana ny asany. Raha tsiahivina kely, ny Lamba 1 dia orinasan-kolontsaina malagasy manana tolotra maro isankarazany.Ny taona 2013 izany no niorina ary efa nanohana ny fampiroboroboana ara-javakanto sy ara-kolontsaina teo amin'ny sehatra rehetra teto an-toerana sy iraisampirenena. Raha mahakasika an'ireo mpanakanto izay hanolotra ity fampisehoana etsy amin'ny AFT kosa no resahina, dia samy manana ny maha izy azy izy ireo, samy manana tanjona ny anasongadina ny faritra misy azy avy amin'ny alalan'ny mozika, samy tia mihira hira mitondra fahalemana, samy mpiaro ny tontolo iainana ary dia voizin'izy ireo anatin'ny mozika avokoa izany. Izay fitoviana misy eo amin'izy ireo izay no anisan'ny hampiavaka ny fampisehoana hataon'izy ireo, satria na mitovy aza ny fijery dia samihafa kosa ny fanehoan'izy ireo izany an-tsehatra. Manentana ny ny olona ho tonga maro, araka izany, izy ireo sady mba manohana ny tetikasa "labo pirate" ihany koa izay manohana ny mpanakanto malagasy rehetra.

Tanya.R

## "Zoma manifika"

### Njakatiana

**Hanafana "fetin'ny mpifankatia" any Toamasina**

« *Andao indray", "Avelao aho hitia", "Aingam-po"*. Sombiny amin'ireo hiram-pitiavan'i Njakatiana tsy mety lefy laza, satria nitaiza sy nanolokolo fanahin'ny mpifankatia maro. Hanakoako ao amin'ny La Marmite Barikadimy, any Toamasina, ireo vazo ireo sy ireo sanganasan'ity kintan'ny hira malagasy ity, anio zoma 17 febroary, hanomboka amin'ny 9 ora alina. Mbola tafiditra anatin'ny fankalazana ny fetin'ny mpifankatia hatrany ity hetsika ity sady ao anatin'ny fialambolin'ny zoma mahafinaritra faran'ny herinandro. Hiaraka hirodorodo hanafana ity hetsika ity i Njakatiana sy ny mpitendriny ary ny mpandihiny amin'io fotoana io.

### Farakely sy Do Rajohnson

**"Ho mafy orina" etsy amin'ny Espace Dera Tsiadana**

Ireo andrarezin'ny hiram-pitiavana no hampiara-peo etsy amin'ny Espace Dera Tsiadana, dia i Farakely sy Do Rajohnson. Efa nandrandrain'ny maro ny fampiarahampeon'izy mianadahy ireto, indrindra amin'izao fetin'ny mpifankatia izao. Anio alina no safidy, izay sady faran'ny herinandro (zoma manifika) no tohin'ny fankalazana ny fetin'ny mpifankatia rahateo. Hanomboka amin'ny 8 ora alina ny fotoana, izay hanoloran'izy ireo ity seho mitondra ny lohateny hoe : "*Ho mafy orina*" ity. Hampiavaka ny hetsika, ankoatra ny fampiaraham-peo hoentin'izy ireo, hisy fanomezana hatolotra ny mpankafy amin'io fotoana io.

Nangonin'i Fy


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Miora. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 033.72.834.38 / 034.22.160.88. (G-BA 460/20-13)

* Debara, fanaka, frigo, boky, TV, kilalao, vy, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 470/10-4)

* Lamba, poketra, kojan-dakozia, machine, bisikileta, cahier, fanaka. M. SARAH. Tél : 034.03.047.43. (G-BA 475/10-2)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 473/7-3)

### VIDANGE

* Vidange wc perdu, fosse septique, puisard, réparation, réhabilitation. Tél : 038.42.629.39 / 033.15.941.80. (G-BA 476/20-1)

Anjoma Ramartina

# Tafaverina ny omby dimy, dahalo telo naratra mafy

*Sarona ny basim-borona iray, kalibra 12 nampiasain'ireo dahalo.*

Tafaverina amin'ny tompony avokoa ireo omby dimy nalain'ny dahalo tao anaty valan'ny raim-pianakaviana iray monina ao Ambodimanga, fokontany Morafeno, kaominina ambanivohitra Anjoma Ramartina, distrikan'i Mandoto, tamin'ny alarobia lasa teo. Dahalo iray no voatifitra nandritra ny fifandonana ary nisy naratra mafy ireo namany telo saingy mbola afaka nandositra. Sarona ny basim-borona iray kalibra 12 nampiasain'ireo dahalo tamin'ity asa ratsy ity. Raha zohina ny tranga dia nisy nangalatra ny omby tao amin'io toerana voalaza etsy ambony io. Nidina tany an-toerana avy hatrany ny zandary miasa ao amin'ny tobim-paritra Morafeno rehefa nahazo ny fampandrenesana. Rehefa narahina ny dian'omby dia nizotra nianavaratra andrefana namonjy ny kizon'i Bemokaraha. Nanohy ny fanarahan-dia ny fokonolona ka nandritra izany no nisy ny fifampitifirana teo amin'ireo dahalo sy ny mpanara-dia. Nifankatratra tao amin'ny toerana antsoina hoe Andohanibeombalahy ny andaniny sy ankilany.

**Fiaraha-miasa**

*« Naharitra ora iray mahery teo ho eo ilay fifanandrinana tamin'ny roa tonta. Marihina fa tafaverina manontolo amin'ny tompony ireo omby ireo rehefa avy nohamarinina ny taratasiny. Tsy nisy naratra na maty ireo zandary sy fokonolona nanara-dia ary efa tafaverina soa amantsara ao Morafeno izy ireo. Ilay dahalo namoy ny ainy kosa tsy nahitana taratasy namantarana azy tany aminy ary tsy fantatry ny olona manodidina ihany koa izy »*, hoy ny loharanom-baovao avy amin'ny mpitandro ny filaminana. Fiaraha-miasa matotra teo amin'ny zandary sy ny fokonolona no nahazoana izao vokatra izao. Mbola mitohy ny fikarohana ireo dahalo sisa tafatsoaka.

**Ariel D.**

Vaky trano teny Ambatomena

# Lehilahy mpitatitra entana no tompon'antoka

Nisehoan'ny vaky trano teny amin'ny faritra Ambatomena, ka lehilahy iray 21 taona no voasambotra teny amin'ny tsenabe Isotry omaly vao maraina tokony ho tamin'ny 5 ora. Fantatra fa mpitatitra entana eny sy irakiraka ity lehilahy tratra ity ary voalaza fa tompon'antoka tamin'ilay asa ratsy niseho. Taloha kelin'io no vaky ilay trano. Nisy olona nanapitsoka ny varavarana tao amin'ilay trano ka niditra an-tsokosoko tao. Nijery izay zavatra tiany nalaina tao ny olon-dratsy ka kojakojan'entana maro fampiasa ao an-dakozia no lasany. Taitra ny tompontrano avy eo rehefa nahafantatra ny zava-niseho sy nahita ny fahabangan'ny entana tao an-tranony ka nampandre ny mpitandro filaminana avy hatrany nitantara ny zava-nanjo azy. Nandray ny andraikitra avy hatrany ny polisy taorian'izay ary nokarohina ilay mpamaky trano ka sarona teny amin'ny tsenabe Isotry io lehilahy io niaraka tamin'ny vilany be roa anisan'ny very nandritra ilay vaky trano. Tamin'io no nahafantarana azy fa mpitatitra entana sy irakiraka izy ka mahafantatra ny ao an-trano sy ny manodidina. Efa nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy izy. Mitohy ny famotorana.

**T.H**

Analakely

# Lehilahy noratrain'ny mpanendaka nitondra antsy lava

Lehilahy iray no noratrain' ilay mpanendaka nitondra antsy lava teny Analakely afakomaly tokony ho tamin' ny 4 ora tolakandro. Finday teny am-pelatanan'io lehilahy io no nosintonin'ilay olon-dratsy an-keriny raha iny izy mbola niandry antsoiny. Dia nandritra izany no namparatra io olona io. Tsy nampoizin'ilay olon-dratsy anefa ny fisian'ny polisy miasa tsy lavitra teo nahita ilay tranga. Nandray ny andraikiny avy hatrany ilay mpitandro filaminana ka nisambotra ilay mpanendaka. Nandritra io fotoana nisamborana azy io ihany koa no nahatratrarana ilay antsy lava iray teny aminy. Io fitaovam-piadiana tratra io dia fitondrany manatanteraka ny asa ratsiny na dia amin'ny andro antoandro be aza. Taorian'ny fisamborana dia nentina tany amin'ny kaomisarian'ny polisy eny Analakely ralehilahy. Mitohy ny famotorana azy eny mialoha ny hitondrana azy eny amin'ny fampanoavana.

**T.H**

Vangaindrano - Fifandirana resaka fandaniana jiro

# Maty tampoka ilay ramatoa nanasaraka

Trangam-piarahamonina nampalahelo no niseho tao Antaninarenina, fokontany Vangaindrano be, distrikan'i Vangaindrano, ny alarobia teo. Tokantrano roa no nifanditra tamin'ny resaka fandaniana herinaratra. Raikitra mihitsy ny ady ka ilay ramatoa anankiray mba nanasaraka an'ireo nifampikasi-tanana no maty tampoka. Izany hoe niezaka nanasaraka anjanany sy ilay niady taminjanany izy, kanjo izy indray no voa mafy sady tsy tana ny ainy. Efa voasambotra ilay lehilahy nahavanona izany, izay tsy iza fa ny zanak' ilay ramatoa tao amin'ny tokantrano anankiray niady herinaratra tamin'ny ankilany. Voatery nafindra toerana io farany fa natahorana hanamparan'ny olona fitsarambahoaka ihany koa.

*« Nisy fifamaliana tao amin'io tokantrano roa io noho ny resaka fandaniana herinaratra Jirama . Nanampy an'ilay zanany ity ramatoa iray ary nanasaraka sy niezaka nandamina. Voa mafy tsy nahatsiaro tena anefa izy ary tsy tana ny ainy na dia noezahina nentina teny amin'ny toeram-pitsaboana tao Manambaro ihany aza"* hoy ny loharanom-baovao. Voatazona atao andrimaso ao amin' ny zandary tombim-paritra Vangaindrano ilay tovolahy nikasi-tànana.

**Ariel D.**

Toamasina

# Jiolahy raindahiny maty voatifitry ny polisy

Lehilahy iray voalaza fa jiolahy raindahiny no maty voatifitry ny polisy ny alarobia lasa teo tokony ho tamin'ny 12 ora alina, tany Tsarakofafa Verrerie Toamasina. Efa ela no nikarohan'ny polisy azy ka taorian'ny angom-baovao voaray dia fantatra ny toerana nahitana an-dralehilahy tamin'io fotoana io. Nandeha nanao fidinana ifotony ny polisy ary nametraka vela-pandrika hisamborana azy. Tamin'ny fahatongavan'ireo mpitandro filaminana tany anefa dia tsy nanaiky lembenana izy fa nanohitra ka voatery niaro tena ny polisy ary nitifitra azy. Voa mafy araka izany ralehilahy ka noho ratra mafy nahazo azy dia maty tsy tra-drano izy. Araka ny fanazavana azo, resaka vaky trano sy famonoana olona ary fanafihana mitam-piadiana no asa ratsy efa nataony. Fantatra fa efa namono ny rainy niteraka azy ralehilahy ny volana oktobra lasa teo, tany amin'ny fokontany Verrerie. Ankoatra io, efa ho herintaona lasa eo ihany koa izay dia efa namono nahafaty mpiambina tamin'ny tranombarotra iray tany Androranga Toamasina ralehilahy. Anisan'ny mpandray anjara tamin'ny famakiana trano tao an-tampon-tanànan'i Toamasina ihany koa izy. Ny fanampim-panazavana no nahalalana fa efa nigadra tany am-ponja nandritra ny dimy taona ity lehilahy ity izao maty voatifitry ny polisy izao.

**T.H**

## Tatsy sy taroa

**# Tontosa afak'omaly 15 febroary 2023 ny fanaovantsonia ny famindram-pitantanana** teo amin'ny Kolonely Randriamampita Niainaharinjato, kaomandin'ny toby teo aloha, sy ny Kolonely Raminosoa Fetrarivony, kaomandin' ny toby vaovao, teny amin'ny "Escadron transport Arivonimamo" ao amin'ny tobim-pamaharana 213. Nanatrika izany ny majaoro jeneralin'ny tafika anabakabaka, ny Jeneraly Randrianasolo Fils Hippolyte, sy ireo manamboninahitra ao amin'ny toby.

**# Olona 5 no natolotra fitsarana ka nidoboka am-ponja avokoa,** taorian'ny fanafihana tao Ampasimpotsy, fokontany Loabatomanga, kaominina Alakamisy Marososona, distrikan'i Betafo, ny alarobia lasa teo. Tsiahivina fa namoizana ain'olona iray io asa ratsy io ary nahazoan'ireo jiolahy vola. Rehefa nihetsika ny zandary avy ao amin'ny tobim-paritra Betafo dia nisy ny fisamborana olona. Nisy ihany koa ny fifandonana teo amin'ny zandary sy ireo jiolahy ireo. Ny fifandonana voalohany dia nahafatesana jiolahy iray saingy lasan'ny rano ny fatin'io olon-dratsy io. Ny fifandonana faharoa ihany koa dia nahafatesana jiolahy roa.

**Ariel D.**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 942 - 02 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Ravintoto miaraka amin'ny voanjo

**Zavatra ilaina :** ravintoto 4 kaopy, voanjo lena voatoto1/2 kaopy, voatabia 2, tongolo be 2, menaka 1 na 2 sotro, sira izay mety aminao.

**Fomba fikarakarana azy :** sasana ny voatabia dia tetehina. Voasana ny tongolo, sasana dia tetehina. Endandasina ny tongolo sy ny voatabia. Tampohina rano. Avela hangotraka dia arotsaka ny ravintoto sy ny voanjo. Dia asiana sira ary andrahoina mandra-pahamasaky ny ravintoto.

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

**Za-dratsy**




## Hatsikana an-tsary

**Ra-baïn**




## Masoandro Miposaka

**1 Mpanjaka 13 : 2**


Ary ilay lehilahin'Andriamanitra niantso ny alitara araka ny tenin' i Jehovah ka nanao hoe: Ry alitara ô, ry alitara ô! izao no lazain'i Jehovah: Indro, hisy zaza hateraka ho an'ny taranak'i Davida, Josia no ho anarany; ary hovonoiny ka hateriny eo amboninao ny mpisorona amin'ny fitoerana avo izay mandoro ditin-kazo manitra eo amboninao, ary taolan'olona no hodorana eo amboninao.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Raha soasoa no ataon-dRahavana, izaho irery mahatan-kadivory, roa lahy mahasakana arivo.**

Si mes amis me font du bien, je puis défendre seul le fossé circulaire, et deux hommes arrêteront mille ennemis.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2883

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 5 | 3 | | 7 | | | | | 6 |
| 9 | | | | 6 | | | | |
| | 6 | | 8 | | 3 | | | |
| | | | | | | | | 8 |
| 6 | | | | 2 | 8 | | | 1 |
| | | | 3 | | | 9 | 6 | 5 |
| 2 | | 3 | | | | | | |
| | | | | 4 | | | | |
| | | 1 | | | 2 | 5 | 4 | |

Valin'ny laharana 2882

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 3 | 1 | 6 | 7 | 2 | 8 | 5 | 4 | 9 |
| 7 | 5 | 9 | 4 | 6 | 3 | 1 | 8 | 2 |
| 4 | 8 | 2 | 5 | 1 | 9 | 6 | 3 | 7 |
| 8 | 4 | 1 | 9 | 3 | 6 | 2 | 7 | 5 |
| 6 | 7 | 3 | 8 | 5 | 2 | 4 | 9 | 1 |
| 2 | 9 | 5 | 1 | 7 | 4 | 3 | 6 | 8 |
| 1 | 6 | 7 | 3 | 8 | 5 | 9 | 2 | 4 |
| 5 | 3 | 4 | 2 | 9 | 7 | 8 | 1 | 6 |
| 9 | 2 | 8 | 6 | 4 | 1 | 7 | 5 | 3 |

Miara-manonja

# Hampivondrona ireo mpanohitra amin'ny alalan' ny fambolen-kazo

*Mitaona ireo mpanao politika manohitra ny fomba fitantanana ny firenena hampiseho hery eny Ambohitrimanjaka ny ekipan-dry Me Hanitra sy ry Fidèle.*

Resaka fotsiny ! Mieritreritra ny tsy handeha irery intsony ireo mpamakafaka politika eo anivon'ny Miara-Manonja tarihin-dry Me Hanitra Razafimanantsoa sy ry Fidèle Razara Pierre amin'ny hetsi-panoherana hataony. Tonga saina ihany ireto mpanao politika nisintaka ny Rodoben'ny Mpanohitra ireto ao anatin'izany fa tsy misy afa-tsy ny famondronankery no ahafahana manarina ny firenena sy manatratra ny tanjona. Manoloana izany toe-draharaha politika izany, mikarakara hetsika fambolen-kazo kendreny hampivondronana ireo mpanohitra iharan'ny fizarazarana sy fisarahan-kevitra eto amin' ny firenena ity Vovonana Miara-Manonja ity. Fambolen-kazo tanterahina eny Ambohitrimanjaka amin' ny zoma 24 febroary izao ary anasan'ny Miara-Manonja ny mpanohitra rehetra.

**Tsy mifampatoky**

« *Tsy natao ho an'ny Miara-manonja irery ny fambolen-kazo amin'io fotoana io fa natao ho an'ireo rehetra manohitra ny fomba fitantanana ny firenena ankehitriny. Hampiseho hery isika fianakaviamben'ny mpanohitra, indrindra amin'izao fampielezan-kevitra alohan'ny fotoana efa mandeha izao* », hoy i Eric Randrianaivo, mpamakafaka politika eo anivon'ny Miara-Manonja nitondra fanazavana. Araka ny fanentanana hatrany, nomarihiny fa tsy hijanona amin'ny resaka fambolen-kazo ihany ny hetsika fa hitohy amin'ny fifampiresahana mihitsy. Dia ho hita eo na tena hanambatra ny hery ny fianakaviamben'ny mpanohitra ka hiaraka hanapaka ny fomba hitondrana ny hetsika amin'izay manomboka izao na ho resaka fotsiny mitovy amin'ny teo aloha ihany. Ny mpanohitra izay mivakivaky satria tsy mifampatoky ary samy te ho lohany hatrany.

**Mamy R.**

Filoha Andry Rajoelina tao Morarano Chrome

# Nanome lanja manokana ireo tantsaha mpamboly

Taorian'ny tany amin'ny faritra Boeny dia nitohy tany amin'ny faritra Alaotra Mangoro ny fidinana ifotony nataon'ny Filoha Andry Rajoelina. Tao amin'ny kaominina Morarano Chrome, distrikan'Amparafaravola no notsidihany omaly. Nandritra izany no nanomezany lanja manokana ireo tantsaha mpamboly vary any antoerana tamin'ny alalan'ny fanombohana tamin'ny fomba ofisialy ny fizarana zezika « sulfate d'ammonium ». « *Raha handresy ny fahantrana isika, dia tsy maintsy miainga avy amin'ny fambolena izany* », hoy ny Filohan'ny Repoblika. Notsiahiviny ny maha-zava-dehibe ilay fikaonan-dohampirenena tamin'ny volana jona 2022, nitadiavana paik' ady ho an'ny fahaleovantena ara-tsakafo. Nambarany fa tsy maintsy atao fanamby ny fampitomboana ny vokabary. Nihaino ny hetaheta sy olan'ny mponina tany an-toerana koa izy. « *Ny Filoham-pirenena mahavita azy, dia mahay mamelona ny vahoaka ka ny Filoha Rajoelina tsy maintsy hanao ny ezaka rehetra hahavelona sy hahatafita ny vahoaka malagasy* ",hoy ihany izy. Nasiany teny kely ny fahavitan'ny lalam-pirenena faha-44 izay velirano nataony nandritra ny fampielezan-kevitra. Ankoatra ireo, nanolotra moto 39 ho an'ireo ben'ny tanàna ao amin'ny distrikan' Amparafaravola ny tenany. Nisy koa ny fanomezany fiara mpitatitra marary ho an'ny hopitaly any an-toerana.



**Toy izao ny fandraisan'ny vahoaka ny Filoha tao amin'ny kaominina Morarano Chrome.**

**JUDD**

TRIBUNAL DE PREMIERE
INSTANCE D'ANTSIRABE
N° 281 du 08 avril 1998
JUGEMENT CIVIL
NATURE :
- PRESCRIPTION ACQUISITIVE

Extrait des minutes du Greffe du Tribunal de 1ère Instance d'Antsirabe

- RAZAFINJOHARY Perline CONTRE - ZAFIMAHOVA Ramiandrisoa Rodolphe

Siégeait : Monsieur RAMANITRA Richard, Juge au Tribunal ;
-PRESIDENT-
Assisté de Maître RALISON Justin, Greffier tenant la plume,

AUDIENCE PUBLIQUE CIVILE DU MERCREDI HUIT AVRIL MIL NEUF CENT QUATRE VINGT DIX HUIT

PAR CES MOTIFS,

Statuant publiquement, en matière civile et en premier ressort ;
- Donne défaut à l'encontre du défendeur ;
- Vidant le jugement avant dire droit n°913 du 03 décembre 1997 ;
- Fait droit à la demande de dame RAZAFINJOHARY Perline ;
- Dit et juge qu'une parcelle de terrain telle qu'elle est délimitée sur le plan dressé par la Commission administrative, à distraire de la propriété dite "JEAN GEORGES EDMOND" titre n°1352-P, est acquise avec toutes les conséquences de droit par voie de prescription acquisitive par dame RAZAFINJOHARY Perline;
- Annexe au présent jugement le plan définissant cette parcelle ;
- Ordonne l'inscription des droits de dame RAZAFINJOHARY Perline sur les livres fonciers;
- Laisse les frais et dépens de l'instance à sa charge;
Ainsi jugé et, prononcé en audience publique civile tenue les jour, mois et an, que dessus ;
Et la minute du présent jugement a été signée par le Président et le Greffier./.

----------SUIVENT LES SIGNATURES----------

- SUIT LA MENTION D'ENREGISTREMENT-Enregistré au Bureau d' ANTSIRABE
Le 09 juin 1998 N°334/14
VR: 2.000.000 F
DE : 170.000
TA : 40.000
AE : 40.000
250.000
Reçu : Deux cent cinquante mille francs
Le Receveur
Signé : Jean Julien ANDRIANARY
INSPECTEUR Principal de l'enregistrement
"POUR MENTION" Antsirabe, le 09 juin 1998
Le Greffier
Signature illisible

G CL 434/31-1

Zanak'i Bongolava

# Fivoriambe fanehoan-kevitra ho an'ny faritra anio

Manoloana ny savorovoro sy ny adilahy politika somary niverimberina tao amin'ny faritra Bongolava tato ho ho ato. Nanomana fivoriambe " Andro fanehoan-kevitra ho an'ny Faritra " ny Fikambanana Zanak'i Bongolava. Anio zoma 17 febroary manomboka amin'ny 9 maraina no hanatanterahana izany ao amin'ny Lapan'ny Diosezy Tsiroanomandidy. Fampandrosoana ny Faritra moa no tanjona, ka nasain'izy ireo ny hery velona rehetra mpisehatra amin'ny fampandrosoana indrindra ny solombavambahoaka, Governora, Prefet, Ben'ny tanàna, mba hifampihaino sy hifampiresaka ary hifampizara izay hevitra mahasoa sy mahatsara ny faritra.

**Niry R.**

## Marina izany !

### Poizina misoko miadana !

**Resahina matetika eny amin'ny fiaraha-monina sy amin'ny fampahalalam-baovao samihafa, tato ho ato ny fiparitahan'ny zavamahadomelina isan-karazany, manomboka amin'ny rongony fohana ka hatramin'ny hitsindronana. Raha ny vokatry ny fanadihadiana natao dia bizina mandeha ho an'ireo mpisera zavamahadomelina, andaniny, izany fantatra fa teratany vahiny ny ankamaroany. Ary fidiram-bola malaky ho an'ireo mpiray tsikombakomba amin'izy ireo, ankilany. Ny tanora tia manandrankandrana no tena lasibatr'io poizina misoko miadana io ary izay tafajoboka dia miankin-doha tanteraka. Ny mampanahy mafy anefa dia tsy hita taratra aloha hatreto ny paikady mahomby, avy amin'ny tompon' andraikitra voakasika, hiadiana amin'io fanetriben'ny firenena io na dia ombieny ombieny aza ny fitarainan'ny ray aman-dreny sy ny mpanabe. Marina fa misy ny voasambotry ny mpitandro filaminana, satria na namboly rongony na nivarotra, saingy pirina ny ankamaroan'izy ireny fa afa-manohy ny bizininy hatrany ny trondro vaventy izay mampiditra an-tsokosoko eto ny zavamahadomelina mahery vaika. Dia ho gaga ve isika raha hita eto amintsika avokoa ny tranga tsy nisy tany aloha tany, toy ny fanolanana zaza nateraka na zanaky ny havana. Dia hahagaga antsika ve raha miharatsy andro aman'alina ny fandriam-pahalemana, satria sahisahy sy mahery setra ary tsy maintsy mamorona ny tsy misy ireo efa tafiditra lalina amin'ny fidorohana zavamahadomelina. Tranga anaovana antsoavo amin'ny manam-pahefana mba tsy hanamaivana io olana io sao hanenenana any aoriana ny tsy fandraisana andraikitra! Mety hotsarain'ny tantara eo mantsy, na koa handrora mihantsilany ho an'izay vonona hitsinjo ny taranany !**

Voahangy Rakotozafy

9 volana mialoha ny datim-pifidianana

# Mifamahofaho ny fanapahan-kevitra horaisin'ny mpitondra

Ho tanteraka amin'ity taona ity ve ny fifidianana filohampirenena ? Raha eny, hizotra ao anatin'ny mangarahara ve sa hiteraka korontana, toy efa mateti-pitranga aorian'ny famoahana valim-pifidianana? Ireo, amin'ny ankapobeny, no fanontaniana manitikitika ny sain'ny ankamaroan'ny mpanao pôlitika, indrindra ireo maromaro efa mivonombonona ho kandidà? Rehefa tomorina akaiky ny zava-misy, ho an'ny mpitondra dia eny no valin'io fanontaniana io. Antony! Iny efa namaly iny ny Fitsarana Avo Momba ny Lalampanorenana, taorian'ny fakan-kevitra nataon'ny Vaomiera Manokana Misahana ny Fifidianana ary nanambara fa azo tanterahina, amin'ny 9 nôvambra sy 20 desambra ny fifidianana, fihodinana voalohany sy faharoa. Tsetsatsetsa tsy aritra fotsiny no ametrahana fanontaniana ny amin'ny hoe: nahoana no nekena ny fakan-kevitra nataon'ny CENI ary nolazaina ho tsy manan-jo hanontany ny eny Ambohidahy ny CNIDH, nefa heverina fa mitovy ireo na dia tsy sahala? Ho an'ny aty amin'ny fanoherana kosa, tsy mino sady tsy resy lahatra izy ireo fa ho tanteraka amin'ity taona ity ny fifidianana Filohampirenena, miainga amin'ny tetibola nolanian'ny Andrimpanjakana mpanao lalàna izay ambaran'izy ireo fa tsy mahasahana ny fandaniana. Ny mpiara-miombona antoka amintsika any ivelany anefa tsikaritra ho marisarisa sy mbola mametraka fepetra.

**V.R.**


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Zezika 500 taonina avy amin'Ambatovy

# Hozaraina amin'ny fianakaviana 225 000 amin'ny faritra 11

*Nomena tombon-dahiny manokana ny faritra Atsinanana sy Alaotra Mangoro, izay iasan'Ambatovy.*




**Ampahany tamin'ireo zezika avy amin'Ambatovy natolotra tao Morarano Kraoma.**

Manohana ny vina amin'ny fahavitan-tena ara-tsakafo eto Madagasikara ny orinasa Ambatovy. *"Raha te hiala amin'ny fahantrana isika dia tsy maintsy miainga amin'ny fambolena. Tafaresaka tamin' ny filohan'ny Sumitomo, mpampiasa vola ao anatin' ny tetikasa Ambatovy, ny tenako mikasika ny fananany "Sulfate d'ammonium", na zezika nohatsaraina azo ampiasaina amin'ny fambolem-bary. Eto amin'ny kaominina Morarano Kraoma no hanombohana ity tetikasa ity, ka fianakaviana 225 000 avy amin'ny faritra 11 manerana ny Nosy no hisitraka izany miaraka amin'ny fampiofanana. Misy ny hozaraina maimaipoana ary misy ny hamidy 1 500 Ariary ny kilao."*, hoy ny Filoham-pirenena malagasy, Andry Nirina Rajoelina. Notanterahina omaly tany amin'ity kaominina ity ny fanolorana ny zezika azo tamin'ny alalan'ny famokarana Nikela sy Kobalta nataon'Ambatovy, izay niarahana niasa tamin' ny JICA tamin'ny alalan'ny tetikasa PAPRIZ. 500 taonina ny fitambaran'ny zezika nomen'Ambatovy, ka ny 180,5 T tamin'io efa nozaraina tany Toamasina.

**Hampitomboina**

*"Efa eo am-piheverena ny fomba hampitomboana ny famokarana ny "Sulfate d'amonium" eto Madagasikara Ambatovy. Mahatsapa izahay fa mila mitondra anjara biriky eo amin'ny fampandrosoana lovain-jafy, ka anisan'izany ny fanohanana ny fanjarian-tsakafo sy ny fahavitan-tena ara-tsakafo amin'ny alalan'ny fohanana ireo tantsaha mba hahafahana manatsara sy mampitombo ny vokatra. Efa nisy ny andrana natao tamin'ny fampiasana ity zezika ity na teto an-toerana na tany Ivelany, ary nahitana fa mampiroborobo ny vokatra azo"*, hoy Philippe Beaulne, filoha lefitra misahana ny fifandraisana ivelany ao Ambatovy. Nisitraka 80 T tamin'ity zezika ity ireo tantsaha mivondrona ao anatin'ny kaoperativa maro mandrafitra ny "Federasionina Tsaravohi Tapany Atsimo". *"Mbola vaovao aminay ny tekinika sy ny fampiasana ity zezika ity. Na izany aza tena mifanaraka tsara amin'ny filanay manoloana ny fahalafosan'ny vidiny ankehitriny, satria efa mahatratra 6 000 Ariary ny kilaon'ny zezika"*, hoy Randriamahazo Herisoa Jean Noely, mpikambana ao anatin'ity federasionina ity.

**R. Muray**

Minisiteran"ny mponina

# Miofana amin'ny fikirakirana ny serasera ireo talem-paritra



**Ireo talem-paritra manaraka ny fanofanana omena azy ireo. ( Sary: HAR)**

Miofana amin'ny fikirakirana ny serasera any an-dRenivohitry ny Faritra Atsinanana ireo talem- paritra sy tomponandraikitry ny serasera eo anivon'ny Minisiteran"ny mponina sy ny fihiana sosialy amin'ity herinandro ity. '' Mbola maro ny pitsony tsy voafehin'ireo talem-paritra sy ny mpiara-miasa aminy, izay misahana voalohany ny serasera eny ifotony, ka ampitaina aty amin'ny Minisitera foibe. Ny fifehezana an'izany amin'ny tambajotran-tserasera no hanofanana azy 15 mianadahy mahery ireo eto Toamasina", hoy Atoa Yvan Fabius, talen' ny serasera eo anivon'ny Minisiteran"ny mponina omaly. *''Hatramin'izay dia tsy mbola nahafehy ny tontolon' ny serasera eo amin'ny fifandraisana sy fampitana ny asa vitanay any amin'ny faritra aho. Amin'izao anefa dia efa nahazo traikefa sy fahaiza-manao hampitana an'izay vaovao izay izahay talem-paritra. Hitondra ainga vaovao eo amin'ny tontolon' ny serasera ataonay izao fiofanana ataonay izao"*, hoy kosa ny talem-paritra iray. Ankoatra ny fiofanana amin'ny fikirakirana ny fitaovana ampiasaina amin'ny serasera dia ny mpanao Gazety indray no hizara ny traikefany sy hampianatra an'ireo talem-paritry ny minisiteran'ny mponina ny fomba fanoratana vaovao. Izany no natao dia hanatsarana fampitam-baovao eo anivon' ity Minisitera ity.

**Heriniaina A**

Antsenavolo - Mananjary

# Napetraka ny fandriampahalemana antoky ny fampandrosoana

*''Fotoan-dehibe nentina nametraka ny fandriampahalemana antoky ny fampandrosoana eny ifotony no nataonay tany amin'ny kominina ambanivohitra Antsenavolo, ato amin'ny distrikan'i Mananjary. Vory lanona ny Ampanjaka 30 rehetra any amin'ny "zone B". Tonga tao ihany koa ireo solontenan'ny kaominina Ambanivohitra 06 ary nanatrika teo ireo komitin'ny Dina''*, hoy Atoa Jaona Christian, mpandrindra ny TGV faritra Vatovavy taminay. Na efa tamin'ny 11 febroary 2023 lasa teo aza ity hetsika goavana ity no tontosa dia hitondra endrika sy rivo-baovao ary dingana hampisiana ny fandriampahalemana. *''Nisy omby iray novonoina nentina nanomezan-kaja an'ireo Ampanjaka sy ireo rehetra tonga tamin'io fotoan-dehibe io. Nanjaka ny tsy fandriampahalemana ary nikatsahambahaolana ny hampandry fahalemana ny fiaraha-monina. Hovaina ny tantara ary niaraha-nidinika tamin'io ny fomba entina hampandroso ny faritra Vatovavy amin'ny hevitra azo avy eny ifotony"*, hoy hatrany Atoa Jaona Christian. Nomarihany fa modely eny anivon' ny fiaraha-monina misy azy ireo komitin'ny Dina rehetra ka nomena lanja sy ny toerany izy ireny mba ho to teny amin'ny mpiara-monina. Nomarihin'Atoa Jaona Christian, mpandrindra rezionalin'ny TGV Vatovavy, fa nisy koa ny fanabeazana sy fampahatsiahivana ny Malagasy any amin'ireo kaominina Ambanivohitra ny amin'ny tokony hanajana ny rafitra nentin-drazana dia ny fametrahana ny Ampanjaka amin'ny toerany eo amin'ny fifampifehezan'ny fiarahamonina. Hitohy any amin'ny distrika hafa ao anatin'ny faritra Vatovavy ny hetsika tahaka izao.

**Heriniaina A.**

Rivodoza mahery vaika Freddy

# Mila miomana amin'ny fiaviany isika

Raha ny tombana navoakan'ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro, amin'ity herinandro ity, izany hoe hatramin'ny 19 febroary 2023, dia tsy misy ahiana ny hisian'ny rivodoza mety hahakasika an'i Madagasikara. Amin'ny herinandro manaraka kosa, izany hoe ny 20 hatramin' ny 26 febroary 2023, arahi-maso akaiky ny fivoaran'ilay rivodoza Freddy satria ahiana mafy hahakasika ny distrikan'i Sainte Marie, Soanierana Ivongo, Fenoarivo atsinanana, Vavatenina, Toamasina, Vohibinany, Vatomandry, Mahanoro, Nosy Varika hatrany Mananjary. Sokajiana ho isan'ny rivodoza mahery vaika anefa izy ity izany hoe hahatratra hatrany amin'ny 250 km isan'ora ny tafiotra entiny. Omaly dia tany amin'ny 3000 km miala ny morontsirak'i Gasilara no nisy ny foibeny. Manamafy izany ihany koa ireo tambajotra mamoaka ny mety ho toetry ny andro vahiny, toy ny cycloneoi.com. Izao dia efa tokony hiomana amin'ny fiaviany, noho izany, iny fari-dranomasina atsinanana iray manontolo iny, indrindra amin'ny habetsaky ny rotsak'orana sy ny rivotra. Manodidina ny 150 hatramin'ny 300 mm mantsy ny habetsaky ny rotsak'orana ho an'ireto distrika ireto: Sainte Marie, Soanierana Ivongo, Fenoarivo Atsinanana, Vavatenina, Toamasina, Vohibinany, Moramanga, Anosibe Anala, Manjakandriana, Antananarivo, Andramasina, Ambatolampy, Antanifotsy, Antsirabe, Faratsiho, Fandriana, Ambositra, Ambohimahasoa, Lalangina, Vohibato, Antanambao Manampotsy, Marolambo, Vatomandry, Mahanoro, Nosy Varika, Ifanadiana, Ikongo, Mananjary, Manakara, Vohipeno, Farafangana, Vondrozo, Vangaindrano, Marovoay, Ambato Boeny, Maevatanana, Kandreho, Ambatomainty, Besalampy, Maintirano, Morafenobe, Antsalova, Miandrivazo, Fenoarivo Afovoany, Tsiroanomandidy, Soavinandriana, Miarinarivo ary Arivonimamo. Azo antoka fa hivoaka tsy ho ela ny tombana amin'ny mety ho lalany, satria hatreto dia manohy ny diany miankandrefana manatona ny morontsiraka izy.

*Ahiana mafy hahakasika ny morontsika amin'ny herinandro.*

**Nath**

Rivodoza

# Mampirongatra ny aretin' ny taovam-pisefoana, fivalanana ary aretin-koditra

Aorian'ny fandalovan'ny rivodoza, ankoatra ny fahavoazana ara-potodrafitrasa sy fahafatesana ary fahasimban'ny fambolena, marefo ara-pahasalamana ihany koa ny olona, indrindra ireo ankizy sy zaza ary ny vehivavy mitondra vohoka. Rehefa betsaka mantsy ny rano, na io mihandrona na rano mandeha, noho ny habetsaky ny rotsakorana dia maro ihany koa ny aretina aterany. Mampirongatra ny aretin'ny taovam-pisefoana, toy ny gripa sy kohaka mantsy izany. Raha tsy voadio araka ny tokony ho izy ihany koa ny rano dia mahatonga aretim-pivalanana sy ny aretin-koditra maro samihafa. Araka ny fanazavan'ny DRS Boeny, Solange Hoasy, dia distrika 5 no tratran'ny tondradrano ka anisan'ny be olona indrindra i Marovoay sy Mahajanga 1. Nifamotoana sy nifanome tanana anefa ny mpiasan'ny fahasalamana rehetra nijery ny fahasalamana sy nitsabo ireo olona rehetra tany amin'ny "site". Nohararaotina ihany koa ny fanaovana vakisiny mahazatra ho an'ireo ankizy latsaky ny herintaona ary fanentanana mikasika ny fanadiovana. Mikasika ny tazomoka kosa, zara raha misy 1 isanjato sisa ny tahan'ny olona marariny eto Boeny. Efa tokony tsy hisy intsony, saingy nahitana kely indray. Marihina fa tsy misy ilay karaza-moka « anopheles" mitondra tazomoka eto Mahajanga, hoy hatrany ny DRS. Mikasika ny fanaovana vakisiny zaza kosa, raha tokony ho 95% ny taham-panaovana vakisiny dia zara raha ny 60% amin'ny zaza no vita. Mbola misy ny ezaka tokony hatao hanatrarana izany tanjona izany. Fantatra fa nanao ezaka manokana hanampiana izay lafiny ara-pahasalamna izay ny Unicef ka nanampy fianakaviana 8000 niaina tao anatin'ny rano be. Fantatra izany rehetra izany nandritra ny fidinana ifotony nataon'ny Unicef niaraka tamin'ny mpanao gazety. Nizaha ifotony ny takaitra navelan'ny rivodoza Cheneso, tao Maevatanana sy Mahajanga ary Marovoay izy ireo. Nitondra fanampiana ny lafiny ara-tsosialy rehetra, izany hoe ny lafiny fanabeazana, fahasalamana, fahazoana rano fisotro madio ary ny resaka fanampiana raha misy vonjy taitra.

**Nath**